

n° 64

Ny Feon'ny

Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara

Mivoaka isaky ny telo volana

Desambra 2024

NY FANATAVIZANA TRONDRO AORIAN'NY FIJINJANA VARY

Itasy

Manalava ny fotoam-piompiana hahazoana vokatra tsara (P. 6)

Vakinankaratra

Misafidy hanao fiompiana karpa aorian'ny fijinjana vary (P. 3)

Atsinanana

Miompy trondro an-tanimbary mandavantaona (P. 7)



SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Mahavelom-panantenana ny mpiompy eto Afovoan-tany ny fahafahana manao fiompiana trondro aorian'ny fijinjana vary, fiompiana trondro miala vary na voly avotra trondro. Manalava ny fotoana ahazoana mamokatra trondro io fomba fampiasana tanimbary mandritra ny vanim-potoana mangatsiaka io. Na dia miadam-pitombo kokoa aza ny trondro vokatry ny fidinan'ny maripana dia mampitombo ny fidiram-bolan'ny fianakaviana io fotoam-pamokarana fanampiny io, ary indrindra ahazoany manatsara ny fiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro.

Manohana ny mpiompy trondro amin'ny fampivelarana io fomba fiompiana io ny APDRA amin'ny alàlan'ny fanolorana karazana fomba fanatsarana ny teknika nentim-paharazana. Azo lazaina fa tsara ny vokatra izay maneho fa ahazoana tombony io fomba io sady tsy mitaky asa sy fampiasam-bola betsaka. Ankoatra izay, mandray anjara amin'ny fitantanana ny rano, azo ampiasaina amin'ny fiompiana sy fambolena hafa, ihany koa izany.

Ny fanohizana ny fiompiana trondro aorian'ny fijinjana vary dia manamafy ny fanjaran-tsakafon'ny tantsaha no sady ahafahany miatrika ireo olan'ny toetr'andro izay miha-sarotra vinavinaina mialoha. Fanoitra lehibe ho an'ny hoavin'ny fiompiana trondro sahanin'ny tantsaha eto Madagasikara izany.

Mamakia finaritra !

Ny ekipan'ny FMT

LOHAHEVITRA : Ny fanatavizana trondro aorian'ny fijinjana vary

Inona no atao hoe fanatavizana trondro « aorian'ny fijinjana vary » ?

Singa iray manan-danja amin'ny fiompiana trondro ny maripana. Eto Madagasikara, mandritra ny fotoana mafana amin'ny ankapobeny no fanatodizan'ny trondro, mitsahatra izany rehefa midina ny maripana amin'ny fanombohan'ny ririnina (na dia misy singa hafa manan-danja toy ny halavàn'ny andro aza). Toy izany indrindra ny karpa kaominina sy ny tilapia izay manomboka manatody rehefa hifarana ny ririnina, ary tena mihamaro izany amin'ny fiandohan'ny fotoam-pahavaratra.


Miantraika amin'ny fanatavizana trondro ihany koa ny maripana. Mitombo tsara ny karpa manomboka eo amin'ny maripana 15° C ary tena tsara fitombo eo anelanelan'ny 23°C sy 27° C, manomboka misakafy tsara sy mitombo kosa ny tilapia eo amin'ny 20° C ary mahatratra ny fara-fitombony eo anelanelan'ny 27 sy 32° C. Eto Afovoan-tany, mandritra ny volana septambra-aprily, vanim-potoanan'ny fahavaratra, no fiompian'ny olona trondro satria miha-betsaka ny rano azo ampiasaina sady mafana ny andro, fotoana izay mifanaraka amin'ny fambolem-bary ihany koa.

Mihamaro anefa ireo tantsaha manohy ny fiompiana karpa mandritra ny fotoanan'ny ririnina, aorian'ny fiakaram-bary. Tohizany herinandro vitsivitsy na volana maromaro ny fanatavizana ireo trondro nampiarahana tamin'ny vary na mampiditra zana-trondro vaovao izy ireo rehefa miala ny vary. Izany no antsoina hoe fiompiana trondro aorian'ny

fijinjana vary : ny fiompiana trondro ao an-tanimbary aorian'ny fampiakarana vary, mandritra ny ampahany amin'ny vanim-potoana mangatsiaka raha fohy indrindra. Misy ihany koa ny miteny hoe « fiompiana trondro miala vary » na « voly avotra trondro ».

Toerana maro izay ahitana maripana mihoatra ny 15° C no azo anaovana io fiompiana io rehefa volana jona, jolay sy aogositra, indrindra raha talakin'andro ny toeram-piompiana. Miadam-pitombo ny trondro amin'ireny toerana ireny nohon'ny amin'ny fotoana mafana satria mihena ny fisakafonany rehefa ambany ny maripana. Ary mampitarazoka ny fiaraha-miasan'ny zavaboahary ao an-tanimbary ihany koa io maripana ambany io toy ny famokarana sakafo voajanahary na nanisy zezika na tsia.

Tsy tahaka izany kosa ny any amin'ny Morontsiraka Atsinanana satria tsy fiteny loatra ny hoe « voly avotra trondro » : mijanona ho ambony hatrany ny maripana.



Tetiandrom-pamokarana trondro sy vary an-tanimbary

©APDRA 2024



LOHAHEVITRA : Ny fanatavizana trondro aorian'ny fijinjana vary

Vakinankaratra
Mampitombo ny fidiram-bolan'ny fianakaviana ny fanatavizana karpa miala vary

Rakotoarisoa Aimé, avy ao Antanety Sud, kaominina Inanantonana, mpamokatra zana-trondro sy mpanatavy no hampahalala ny fanatavizany trondro miala vary sy ny teknika ampiasainy.

« Mamokatra zana-trondro karpa aho sady manatavy amin'ny fotoana roa samy hafa : fanatavizana miaraka amin'ny vary sy fanatavizana miala vary. Satria betsaka ny zana-trondro vokariko dia nozaraiko roa ny tanimbariko : ny iray amindrana zana-trondro avy amin'ny toeram-panafoizana ary ny iray anatavizana miaraka amin'ny vary.



Aimé (ankavanana) teo am-pamarotana ny trondro noataviziny

Amidy ny ankamaroan'ny zana-trondro tsy atavizina saingy misy ambiny kely foana izay tehiriziko mandra-piakatry ny vary. Amin'izay fotoana izay dia misy trondro azoko amidy ary misy trondro madinika. Averiko ao an-tanimbary izay milanja latsaky ny 150 g, hoatavizina mandritra ny telo volana, jona hatramin'ny aogositra. Fohy io fotoampanatavizana miala vary io satria mila mamindra zana-trondro vaovao ao an-tanimbary aho aorian'izay.

Amin'ny fanatavizana miala vary, zana-trondro 25 isaky ny ara no ampidiriko anaty velarana mirefy 10 ara. Zezi-pahitra no anamasahako ary mitondra sakafo 1 kg isan'andro eo aho. Mangahazo, katsaka, soja sy ampombom-bary, miaraka amin'ny *mucuna* rehefa manana, no ampiasaiko. Vokariko daholo ireo, izay mitentina 63 600 Ariary eo ho eo.

Ahazoako trondro 56 kg ny fanatavizana miala vary. 17 000 Ariary isan-kilao no ivarotako azy amin'ny septambra. Avo telo heny araka izany ny tombony azoko amin'ny fivarotana zana-trondro, ny fanatavizana ary ny fanatavizana miala vary. »

Vakinankaratra

Misafidy hanao fiompiana karpa aorian'ny fijinjana vary

Aorian'ny fiakaran'ny vary ary mandritra ny fotoana mangatsiaka, ampy tsara hanaovana fambolena ny rano ao an-tanimbary. Maro amin'ireo mpamokatra anefa no misafidy ny hiompy karpa ao.

Nandritra ny fotoam-pamokarana farany (2023), afaka nanangona antontan'isa ara-toekarena sy teknika mikasika ny fanatavizana karpa miala vary tany amin'ny mpamokatra miisa folo ny ekipan'ny APDRA. Nahazoana fahalalana voafaritra mikasika io fomba fiompiana io izany.

ho tafiakatra 54 600 Ariary ny vola miditra rehefa miakabokatra. 35 400 Ariary isaky ny ara araka izany ny salan-tombony tsy afaka haba azon'ny mpamokatra any amin'ny farany, manamafy fa ahazoana tombony ny fiompiana. Mbola azo atsaraina aza io vokatra io saingy miankina amin'ny fahafahan'ny mpiompy trondro mitondra sakafo fanampiny na fanamasahana, manatsara ny fitantanany rano, manatsara ny fanajariana, sns.

Fambolena sy fiompiana	Fampiasam-bola/ara	Tombony tsy afaka haba
Voly avotra trondro	19 200 Ariary	35 400 Ariary
Ovy	71 800 Ariary	68 200 Ariary
Arikôvera	43 000 Ariary	62 000 Ariary
Pitipoà	46 300 Ariary	34 700 Ariary
Karaoty	83 000 Ariary	54 500 Ariary

**Tarehimarika avy amin'ny Ceffel*

Tsapa araka izany fa kely ny fampiasam-bola takian'ny fiompiana trondro miala vary mitaha amin'ny famokarana hafa : 19 200 Ariary ny salam-pandaniana, fanomezandanja ny zava-misy efa ananan'ny tantsaha (zana-trondro, fanamasahana, sakafo, mpiasa...) ny 75 % amin'izany. Trondro 3,4 kg isaky ny ara ny salam-bokatra ary mety

Mety hahazoana tombony bebe kokoa ny voly avotra hafa, araka ny hita eo amin'ny fafana etsy ankilany. Miaramiaiky anefa ny mpamokatra fa mora atao kokoa ny voly avotra trondro. Afaka mampihatra izany avokoa izay rehetra manana rano. Ankoatra izay, ahazoana tombony hatrany izy satria tsy mitaky vola sy asa be ary raha sendra kely ny tombony dia azo ianteherana satria maritoerana kokoa ny vidin-trondro mitaha amin'ny vokatra hafa. Farany, ahafahana mitahiry rano, izay ilaina ihany koa amin'ny fitahirizana raiaman-drenin-trondro karpa sy amin'ny fambolena hafa (fanondrahana anana, pitipoà, ...) na fiompiana (gana, ...) izany.

LOHAHEVITRA : Ny fanatavizana trondro aorian'ny fijinjana vary

Vakinankaratra

Mampitombo ny trondro vokatra ny fitantanana ny tahirin-trondro amin'ny alàlan'ny fakàna trondro tsikelikely

Rabemanantsoa Henri na « Ra-Henri » dia monina ao Andriamasoandro, kaominina Betafo, distrikan'i Betafo. Afapo tamin'ny vokatra karpa azony taorian'ny fijinjana vary izy nohon'ny fanaovana fakàna trondro tsikelikely.

« Betsaka ny fitambaram-bokatra azo avy amin'ny fakàna trondro tsikelikely mitaha amin'ny azo amin'ny jono tokana atao any am-piafaràn'ny fotoam-piompiana. Avo roa heny no azoko amin'ny fakàna trondro indray mandeha ao anatin'ny fotoam-panatavizana maharitra 3 volana (tapaky ny volana martsa - tapaky ny volana jona), aorian'ny fijinjana vary. Raha nahazoako vokatra 2 hatramin'ny 4 kg isaky ny velarana iray ara ny fe-potoana mitohy 3 hatramin'ny 4 volana teo aloha dia ahazoako hatramin'ny 6 kg/ara ankehitriny ireo fakàna trondro tsikelikely.



Karpa novokarin-dRa-Henri

Mololo sy zezika no anamasahako rano. Zana-karpa 40 hatramin'ny 60 g no ampidiriko ary tsy mihoatra ny 2 kg isaky ny ara, izany hoe trondro 30-50/ara. Maka trondro in-dray farafahakeliny no ataoko ao anaty fotoam-pamokarana iray mialohan'ny hakana azy manontolo. Tsikaritro fa mitombo avo roa heny isam-bolana ny karpa ao an-tanimbary hany ka ezahiko alaina isam-bolana ny antsasany mba hahafahan'ny trondro ambiny miha-lehibe. Milanja 200 hatramin'ny 250 g amin'ny farany ny trondro tavela ary mahatratra ny fahafaha-mamokatr'ilay tanimbary, tombony ambonin'ny totalim-bokatra araka izany ireo trondro nalaina tsikelikely.

Raha tsy maintsy mandritra rano dia ny fitantanana ny fahasahan'ny rano no hany olana amin'ny fampiasana io teknika io. Mandritra ny fakàna trondro tsikelikely dia entin'ny rano avy amin'ny fandritana tanimbary ny ampahany betsaka amin'ny fanamasahana. Ilaina araka izany ny manampy zezika.

Tombony lehibe ho an'ny mpanatavy ny fahafantarana ny fahafaha-mamokaty ny tanimbary iray. Rehefa mahatratra izany ilay tanimbary dia tokony hoalaina ny trondro sasany hahafahan'ny ambiny mitombo tsara. Manatsara ny vokatra izany sady fidiram-bola isam-bolana ihany koa. »

Itasy

Voly avotra trondro, fanoitra iatrehana ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toetr'andro

Tetikasan'ny APDRA miisa roa, AMPIANA 2 sy DINAAMICC, no niara-niasa tamin'ny fametrahana torolalana ara-teknika mikasika ny voly avotra trondro hiatrehana ny vokatry ny fiovaovan'ny toetr'andro.

« Amin'ny fijinjana vary, mbola kely ny trondro. Tara ny fampidirako trondro satria tara ihany koa ny orana. », hoy Rakotoarimanana Salomon Edvain, ao Mangatany-Ambohiandray, kaominina Ambatomirahavavy. « Tsy afaka nampiditra trondro aho raha tsy tamin'ny martsa satria natahotra sao ho lasan'ny tondra-drano. », hoy Rasoanirina

Voahangy Lalao, ao Manolobony, kaominina Ambohimandry. Niaina haintany lehibe nateraky ny fahataran'ny orana ny mpiompy trondro tao amin'ny distrikan'Arivonimamo tamin'ny taom-piompiana 2021-2022, narahin'ny tondra-drano tamin'ny 2022-2023. Mahatara ny fampidirana trondro izany ary mahafohy ny fotoam-piompiana hany ka mbola madinika ny trondro azo rehefa mijinja vary. Manoloana izany, sahirana ireo mpanentanan'ny APDRA eny ifotony tamin'ny fitadiavam-bahaolona. Ho an-dRandriamialisoa Nelson izao, sarotra ny mampitombo ny isan'ny mpiompy trondro satria vitsy ny olona sahy niompy. Manazava i Sendrahasina Ratsimbazafy fa vokatr'izany ihany koa dia tsy mahavita mamatsy trondro ireo toeram-pivarotana ao Arivonimamo ny mpiompy.

Taorian'ny dinika niarahana tamin'ny mpiompy trondro mikasika ireo olana ireo, hita fa fomba mahomby hialana amin'ny fahaverezan'ny trondro sy hamokarana trondro vaventy kokoa ny voly avotra trondro. Betsaka ny mpiompy efa mampihatra izany, saingy mbola misy lafiny ara-teknika tokony hofantarina tsara na hoatsaraina.



Fivoriana niaraka tamin'ny mpiompy trondro teo amoron-tanimbary

LOHAHEVITRA : Ny fanatavizana trondro aorian'ny fijinjana vary

Fanatsarana ny torolalana ara-teknika

Miasa ao amin'ny kaominina Ampahimanga ny ekipan'ny tetikasa DINAAMICC hanatsarana ireo teknika fanaovana voly avotra trondro.

« Nahazatra anay teo aloha ny manao voly avotra trondro, izany hoe aorian'ny fijinjana vary. Rehefa nitombo ny fianakaviana, voazara ny tanimbary ary tena kely ny velaran-tany azo ampiasaina ankehitriny. Nihamaro koa ny voly avotra an-tanimbary izay nampiakatra ny filàna rano mandritra ny vanimpotoanan'ny ririnina, kanefa nihena noho ny fiovaovan'ny toetr'andro ny fisian'izany rano izany. Ankehitriny, voatery mitahiry trondro anaty dobo kely izahay mandra-pahatongan'ny fanetsana. Tena nampihena



Tanimbary voajary hanaovana fanatavizana trondro miala vary

ny vokatra izany satria mampitombo ny trondro maty, izay tsy misakafo tsara, io fitahirizana maharitra 7 na 8 volana io. », hoy Ranaivoarisoa Jean Bruno ao Ambohimenakely (Ampahimanga). Tahaka azy, betsaka ny mpiompy tsy afaka manao voly avotra trondro intsony nohon'ny tsy fisian-drano sy ny olana hafa. Nisy fivoriana niarahan'ny mpiompy trondro sy ny ekipan'ny APDRA izay nanolorana fomba fanatsarana ara-teknika : fampiakarana tahalaka sy fanaovana tatatra fierena hampiakarana ny haavon'ny rano ; fanaraha-maso ny hakitroka amin'ny alàlan'ny fanisana sy fandanjana ny trondro eo am-pampidirana ; fanatsarana ny fanamasahana sy fitondrana sakafo. Misy ihany koa ny andrana natao hamahana olana vitsivitsy mikasika ny haben'ny trondro ampidirina na ny karazan-tsakafo omena azy mba hampalaky ny fitombony.

Fijoroana vavolombelona ataon'ny mpiompy trondro

« Nahavidianako tanimbary fiompiana trondro iray ny vokatra azoko farany. Resy lahatra tanteraka ny fianakaviako. » « Nahavokatra trondro 45 kg izay milanja 300 hatramin'ny 500 g avy aho tamin'ity taona ity. Niantohana ny famadihana sy ny fidiran'ny mpianatra izany. » Rakotoarison Henri sy Razafimandry Njakatiana ao Ambohitsaratelo, kaominina Amboanana.

« Nihevitra aho fa tsy afaka hiompy trondro intsony satria tondraka foana ny toeram-piompiano. Ankehitriny aho manao voly avotra trondro. » Rasonirina Voahangy Lalao ao Manolobony, kaominina Ambohiandry.

Analamanga

Andrana mikasika ny fanatavizana karpa aorian'ny fijinjana vary

Ny taona 2023, nanatanteraka andrana mikasika ny fiompiana karpa miala vary tao amin'ny kaominina Fiaferana, distrikan'Avaradrano, niaraka tamin'ny FOFIFA sy ny Cirad ny APDRA.

Toerana fantatra fa mangatsiaka, satria any amin'ny haavo 1 400 m, atsinanan'Antananarivo, no nosafidiana hanaovana ny andrana. Notontosaina teo anelanelan'ny volana jolay sy septambra (fiompiana maharitra 60 andro) ny andrana. Niovaova teo anelanelan'ny 16 sy 21° C ny maripanan'ny rano.

Tanjon'ny andrana voalohany ny hampitaha ny fahombiazan'ny fomba fampiharana 4 : 1) fandrotsahana zezika mivantana tao anaty tanimbary ; 2) fampiasana matetika zezika ranony avy amin'ny mololo sy zezika naotrika 48 ora : 3) io zezika ranony io nampiarahana tamin'ny sakafo namboarina sy 4) tsy nisy na sakafo na fanamasahana. Mahaliana ny vokatra voalohany, tamin'ireo fomba rehetra ireo, nitombo tsara ny trondro, 13 g tany am-boalohany lasa 59 hatramin'ny 67 g isaky ny trondro. Na dia tao amin'ny toerana tsy nasiana fanamasahana sy sakafo aza dia ara-dalàna ny fitomboana, azo antoka fa avy amin'ny sakafo voajanahary tao miaraka amin'ny hakitroka voalanjanja (trondro 25/ara) sy fotoam-pamokarana fohy. Eo amin'ny lafiny toekarena, io tsy fitondrana na inona na

inona io no ahazoana tombony. Tsikaritra tao amin'ireo tanimbary nomasahina matetika ihany koa fa mitovy ny vokatra azo na nampiana sakafo izany na tsia. Tamin'ny andrana faharoa, fomba 4 hafa no nampitahaina : 1) tsy nisy sakafo na fanamasahana ; 2) sakafo namboarina ahitana proteina 30 % 3) sakafo namboarina ahitana proteina 22,5 % sy 4) sakafo namboarina ahitana proteina 22,5 % sy fanamasahana miaraka amin'ny zezika. Tsy dia nitombo ny trondro tao amin'ny toerana tsy nitondrana na inona na inona (40 g eo ho eo). Ankoatra izay, mitovy ny vokatra ho an'ny sakafo ahitana proteina 33 % (salan-danja 54 g) sy ahitana proteina 22,5 % (55 g eo ho eo). Ny sakafo ahitana proteina 22,5 % miampy fanamasahana no nahazoana vokatra tsara indrindra (salan-danja 60 g).

Tsy nahafahana naneho ny tena lanjan'ny fanamasahana na ny famahanana ireo andrana roa ireo : tsy nisy fiantraikany izany tao amin'ny andrana voalohany raha nanatsara kosa ny vokatra tamin'ny andrana faharoa. Ilaina ny manao andrana vaovao mba hitohizan'ny fandalinana izany.

LOHAHEVITRA : Ny fanatavizana trondro aorian'ny fijinjana vary

Itasy

Manalava ny fotoam-piompiana hahazoam-bokatra tsara

Monina ao Androhibe-Andrazanaka, kaominina Ambatomanjaka, Rakotonirina Jean Rémi. Mpamokatra zana-trondro sady mpanatavy hatramin'ny 2015 izy no mizara ny traikefany amin'ny fanalavana fotoam-panatavizana an-tanimbary.

« Volana jona matetika no fampiakarako trondro ary miandry fotsiny ny fambolem-bary manaraka indray hamokarana. Tamin'ity taona ity anefa dia hitako fa niha-madinika ny trondro satria fohy loatra ny fotoam-panatavizana. Tara mantsy ny fampiasana ny tanimbary satria mbola namokarana zana-

trondro. Naka trondro aho tamin'ny 17 jolay, namidiko avy hatrany ary nohanina ny trondro vaventy indrindra ka tapa-kevitra hanohy ny fiompiana ireo madinika. Nafindra avy hatrany tao anaty tanimbary voakarakara mialoha ireo.

Tanjoko ny hahazo trondro milanja 250 g eo ho eo ary nokendreko hamidy mandritra ny fotoam-pikatonan'ny jono izany hanararaotana ny fahatsaran'ny vidiny. Zana-trondro 400 no nampidiriko tao anaty tanimbary mirefy 10 ara, milanja 60 kg raha atambatra ary manana salan-danja 150 g. Zezika sy fako-mololo teo an-toerana no nataoko fanamasahana. Nandritra ny roa volana nanalavana ny fotoam-piompiana, izay sakafo nisy tao aminay ihany no nomeko ny trondro : ampombom-bary 15 kg sy mangahazo voatoto 10 kg.

Ny 19 septambra, trondro miisa 375, milanja 82 kg ary manana salan-danja 220 g, no azoko. Namidiko teo amoron-tanimbary tamin'ny mpamongady izany, tamin'ny 16 000 Ariary ny kilao. Nahafapo ny vokatra ka tapa-kevitra hanohy io fomba io aho amin'ny fotoam-pamokarana manaraka. »



Mandanja ny trondrony i Rémi

Vakinankaratra

Manatsara ny sakafon'ny fianakaviana ny voly avotra trondro

Ahafahan'ny reny mpisitrika ny tetikasa SANUVA mihinana trondro mandavantaona ny fanaovana voly avotra trondro.

Manatavy karpa sy tilapia an-tanimbary ireo vehivavy mpiompy tohanan'ny tetikasa SANUVA mandritra ny fotoam-pambolena vary. Misy amin'izy ireo no manana dobo kely na tanimbary tsy tapaka rano ahafahana manao voly avotra trondro ihany koa.

Ampiarahana amn'ny vary ny fiompiana tilapia. Aorian'ny fijinjana avy eo no alain'ireo vehivavy mpiompy ny trondro ary sokajiany 3 : trondro mihoatra ny 100 g, trondro latsaky ny 100 g sy zana-trondro. Amidy eo noho eo ny trondro milanja 100 g mahery, atao sakafon'ny fianakaviana na omena ny havana ny trondro madinika. Averina ampidirina sy ompiana anaty dobo aorian'ny fijinjana vary ny zana-trondro. Ahafahan'ny vehivavy mpiompy trondro manamaro karazana

ny sakafon'ny fianakavian'izy ireo amin'ny alàlan'ny fakàna tilapia tsikelikely izany, sy mamokatra zana-trondro ho an'ny fotoam-pamokarana manaraka ihany koa. Hoy i Noromalala Marie Elinah na Rondro ao Marolaona, fokontany Marolaona, kaominina Soavina : « *Maka marakely aho amin'ny aprily-may. Rehefa miala ny vary dia ompiaiko anaty dobo izay velomin'ny loharano tenany avy eo ny zana-trondro. Izany no ahafahanay maka sy mihinana trondro hatrany mba hahamaro karazana ny sakafonay. Tehirizinay ihany koa ny zana-trondro ilainay amin'ny famokarana manaraka.* »

Ho an'ny karpa, ataon'ireo vehivavy mpiompy trondro ireo an-tanimbary amin'ny hakitroka ambony (zana-trondro 50-60/ara) ny fotoam-panatavizana voalohany, desambra-

may, ary asiana fanamasahana betsaka. Amin'ny fiakarany, amidy ny trondro vaventy na atao sakafo ary alaina ny karpa madinika hoatavizina an-tanimbary fanindroany, may-septambra (trondro 10-30/ara). Hoy Razanamahasoa Louisette ao Mahafanalo, kaominina Ambatonikolahy : « *Ahazoanay fotoam-piompiana karpa roa ao anatin'ny taom-pamokarana iray ny hakitroka ambony any am-panombohana.* » Tanjona amin'izany fomba izany ny hananana karpa mora vidy hoampidirina amin'ny volana may.



Rondro sy Louisette (avy any ankavia miankavanana) eo amoron'ny dobo fanaovan'izy ireo voly avotra trondro



LOHAHEVITRA : Ny fanatavizana trondro aorian'ny fijinjana vary

Atsinanana


Miompy trondro an-tanimbary mandavantaona

Hifantoka amin'ny fiompiana trondro ao amin'ny faritra Atsinanana isika ato anatin'ity lahatsoratra ity, izay manana toetr'andro tsy dia manahirana loatra mitaha amin'ny Afovoan-tany.

Any amin'ny Morontsiraka Atsinanana, azo ampiarahana mandavantaona ny famokarana vary sy trondro ary tsy fampiasa ny teny hoe « voly avotra ». Karazan-trondro roa (Tilapia sy karpa) amin'ny ankapobeny no ompiana an-tanimbary, anaty faritra tsy dia avo loatra, tsy tratry ny tondra-drano ary toeram-pamokarana voajary matetika. 570 kg/ha/taona ny salam-bokatra azo amin'io fiompiana io.

Fomba fiompiana trondro an-tanimbary roa ankehitriny no misongadina amin'ireo karazany maro. Amin'ny fomba voalohany, amokaran'ny mpiompy zana-trondro karpa ny tanimbariny eo anelanelan'ny jolay sy novambra, aorian'izay izy no manatavy trondro (tilapia vokatra an-dobo sy karpa)

anaty tanimbary, desambra hatramin'ny jona. Amin'ny fomba faharoa, tsy mamokatra zana-trondro karpa an-tanimbary ny mpiompy ka afaka manatavy trondro ao eo anelanelan'ny jolay sy novambra. Volana novambra no ividianany ny zana-trondro rehetra izay ilainy na ny ampahany (mety afaka mamokatra zana-trondro karpa an-dobo koa izy, miaraka amin'ny fotoam-pamokarana zanaka tilapia). Ataviziny an-tanimbary ireo karazan-trondro roa hatramin'ny jona, alainy ny tilapia rehetra sy ny ampahany amin'ny karpa. Aorian'izay no anombohany amin'io tanimbary io ihany saingy tsisy vary ny fanatavizana faharoa (jolay-novambra) ireo karpa tavela miaraka amin'ny andiana zanaka tilapia vaovao.



TARATASIN'NY MPAMAKY

Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 63

« Tsy afaka manitatra ny doboko aho nohon'ny resaka fananan-tany... Tsapako anefa fa ahazoana tombony ny fiompiana trondro an-tanimbary ary izay no andeha himasoako. » Razakamanantsoa Félix (Ambatomirahavavy-Ambatomirahavavy, Arivonimamo, Itasy)

« Namporisika ahy hanatsara ny teknikam-piompiano trondro ny famakiana ny FMT n° 63. Amin'ny maha-mpamokatra zana-trondro dia miara-miasa amin'ny mpanentana mikasika ny fiompiana trondro sy ny mpamokatra zana-trondro hafa manodidina aho. Entaniko izay manana tanimbary mety iompiana trondro hanao izany satria mampihena ny fandaniao ao an-tokantrano io famokarana io sady afaka mampanara-po amin'ny fihinanana trondro. » Rakotondrasoa Jean Hery (Antokofoana-Antanety, Soavina, Vakinankaratra)

« Mahavariana ny fahazotoan'ny renim-pianakaviana miompy trondro. Tombony lehibe ny fananana tetikasa misahana ny tsy fanjarian-tsakafo izay manampy azy ireo. » Ramarinirimanana Sarindra Jean Delphin (Mahatsinjo-Antohobe, Antohobe, Vakinankaratra).

« Mahaliana ny fanampiana ireo mpamokatra mikasa hanangana fikambanana mba hahazoana tohana ara-teknika, ara-bola sy torohevitra [FMT n° 63, p. 5] » Victor (Alakamisy Anativato, Vakinankaratra)

« Marisika izahay mpamokatra amin'ny fanomezana torohevitra ara-teknika ireo izay hividy ny zana-trondronay. » Richard, antsoina hoe « Nga maire » (Ambano, Vakinankaratra)

« Miompy trondro aho ary tia mihinana ihany koa. Na dia lehilahy aza aho dia mahaliana ahy hatrany ny pejiny FMT misy ny nahandro satria fomba iray andresena ny tsy fanjarian-tsakafo. Manantena aho fa hisy fomba fahandro foana ao anaty FMT ! » Randrianarivo Jean Charles (Ambohijafy-Korosovola, Antohobe, Vakinankaratra)

Notanterahina tao amin'ny Toby fandanjana zaza ao Tsarahasina, Belazao, Vakinankaratra, ny fampisehoana andrana ara-nahandro ny sakafo tao amin'ny FMT n° 63 : « Trondro lafika voanjobory ». Nankasitran'ny reny tonga tao io sakafo io




Renim-pianakaviana mpiompy trondro ao Antanifotsy, Vakinankaratra, mamaky ny FMT

SAMIHABA

RARINTENY


Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara. Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.



1. Manitatra ny fotoana mba haharitra kokoa
2. Enti-milaza fotoana mifanohitra amin'ny aloha
3. Fanapahana ny tahom-bary amin' ny antsimbary
4. Faharetana voamariky ny fifandimbiasan' ny andro sy ny alina na ny taona
5. Biby misy kirany miaina anaty rano
6. Asa famelomana sy fiahiana ary fikarakarana biby
7. Foto-tsakafon'ny Malagasy

Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 63

1. Mampiofana
2. Fanaparahana
3. Taoraharaha
4. Fisarihana
5. Fahombiazana
6. Manentana
7. Teknika



Lasopy trondro sy mangahazo

Fangaro ho an'ny olona 4 :

- Trondro lena na maina ½ kg
- Mangahazo 3 kg
- Voatabia 3
- Tongolo maitso
- Menaka 2 sotra fihinanana
- Kotomila, sira

Fikarakarana


1. Sasana, voasana sy tetehina ny mangahazo
2. Ampangotrahina ny trondro ka ny nofony ihany no ampiasaina
3. Tetehina madinika ny tongolo maitso sy ny kotomila
4. Masahana ny mangahazo ary ariana ny ranony voalohany rehefa mangotraka
5. Atao ny saosy miaraka amin'ny menaka, tongolo maitso ary voatabia
6. Masahana miaraka ny fangaro rehetra
7. Rehefa hifarana ny nahandro vao arotsaka ny kotomila sy ny sira

Mazotoa homana ô !

Source : Livret KALIANA de l'ORN Analamanga



Lasopy trondro sy mangahazo



APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

Talen'ny Famoahana
Barbara Bentz
Tonian'ny Fanoratana
Sidonie Rasoarimalala
Mpanoratra
Julia Andriamananjara
Zo Andrianarinirina
Romuald Andrianiaina
Patrick Fanomezantsoa
Elinah Herizohanitrihala
Z. L. Andry Manampisoa
Noelson Randriamialisoa
Tojomalala T. Rakotomalala
Mariette Rasoanantenaina
Fanomezantsoa Rasolofoniaina
Donatien Razafindratsiry
Faly Razanajatovo
Julien Sadousty